# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

# NY ALA VADIM-BOLY (Agroforesterie)

Fanavaozana janoary 2022

## FAMARITANA

Fampiarahana fambolena maro (hazo, voankazo, legioma) sy/na fiompiana eo amin'ny toerana iray ao anatin'ny vanim-potoana iray. Anisan'ny vahaolana "Agroécologique" ny fampiasana ny ala vadim-boly.

## TOMBONTSOA


- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny nofon-tany ary mampitombo ny tahirin-drano anaty tany ;
- Mampirindra ny fambolena atao ;
- Mahatomombana ny tsingerin'ireo kasinga natoraly : rano, raha mineraly, raha organika ;
- Manatsara ny tsiron'ny tany ;
- Mampitombo ny karazam-bokatra azo no sady manatsara ny farim-piainana ;
- Mampihena ny entona manimba ny tontolo iainana sy mampiova ny toetrandro.

## FAMPIHARANA NY ALA VADIM-BOLY




Ny ala vadim-boly dia teknika mirona ho amin'ny fambolena maharitra sy fanatsarana ny seham-pihariana

**Atao ny lavaka, avahana ny tany tsara sy ratsy, Avela 15 andro**




**Afangaro anaty lavaka ny zezika sy ny tany tsara, atao mivohitra 30 cm**





**Tapahana eo amin'ny 3cm avy eo ambany ny plastika**




**Esorina ny fonosana plastika**




**Ambolena ny zanakazo**




**Afatratra amin'ny tongotra ny tany**




**Tondrahana matetika raha tsy ampy ny rotsak'orana**



**Rantsanana ny hazo hitombo tsara**



**Asiana zezika isan-taona ary arovana amin'ny bibikely**



Mitovy avokoa ny fepetra takian'ny fambolen-kazo. Ny mahasamihafa azy dia ny hadirin'ny lavaka sy ny elanelam-boly (miankina amin'ny toetrin'ny hazo ho volena, ny toe-tany ary ny toetrandro).